Azoko tamin'i Mpaminany (S.A.W) ny vavaka 10 Rakà

Tatitra azo avy amin'i Ibn Omar (R.A) niteny : Azoko tamin'i Mpaminany (S.A.W) ny vavaka 10 Rakà : soalat roa Rakà alohan'ny zohr, ary roa rakà aoriany, ary roa rakà aorian'ny Maghrib any an-tranony, ary roa rakà aorian'ny Isha any an-tranony, ary roa rakà mialohan'ny fajri, izany dia fotoana tsy azo hidirana any amin'ny Mpaminany (S.A.W). Nilaza tamiko i Hafsa fa rehefa niantso ny mpanao Azan ary miposaka ny maraina mangiran-dratsy, dia nivavaka roa rakà izy, amin'ny filazana hafa : Ny Mpaminany (S.A.W) dia nanao rakà roa taorian'ny vavaka Zoma.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy moslim tamin’ny fitantarany rehetra]

Manazava i Abdillah bin Omar (R.A) : Isan'ireo vavaka sonna azony avy tamin'ny Mpaminany (S.A.W) ny rakà folo, ary ireo no antsoina hoe Sonnah ar-Raoàtib. Roa rakà alohan'ny soalat Zohr ary roa rakà aorian'izany. Ary roa rakà aorian’ny soalat maghrib any an-tranony. Ary roa rakà aorian’ny soalat Isha any an-tranony. Ary roa rakà alohan'ny Soalat fajr Dia feno tanteraka ny folo rakà. Fa amin'ny Soalat Zoma kosa dia manao roa rakà aoriany.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/3062